## NY TENY FIAINANA

*Jehovah nahary ahy ho fiandohan'ny alehany, ho voalohany amin'ny asany hatramin'ny taloha.*

***Ohabolana 8: 22***

BAOLINA KITRA

# Vita ny antsapaka « Qualification CAN U23 »



*Barea U23, 2022.*

Vita tamin'ny 18 aogositra 2022 lasa teo ny antsapaka, amin'ny fifanintsanana « Qualification U23 », hahazoana miatrika ny CAN U23 ho tontosaina any Maroc. Fantatra tamin' izany, fa hiatrika ny dingana voalohany hifanandrina amin'i Seychelles amin'ny 19-27 septambra 2022 ny Barea U23 ka aty Madagasikara ny lalao mandroso amin'izany. Raha tafita amin'izany dingana voalohany izany kosa ny Barea dia hiatrika ny ekipam-pirenena U23 Gabonnaise eo amin'ny dingana faha-2, izay ho tontosaina amin'ny 21-30 oktobra 2022. Raha mbola tafita amin'izany dingana izany dia hifanandrina amin'i Angola/ Namibi vs Cameroun, eo amin'ny dingana faha-3, izay ho tontosaina amin'ny 20-28 martsa 2023.

**Rainilita**

Complexe Sportif et de Loisirs Cnaps Vontovorona

# Hanatontosana ny « Cours MA Arbitres Elites »



*« Cours MA Arbitres Elites ».*

Hanatontosana ny « Cours MA Arbitres Elites », ho an'ireo "arbitres elites" eo amin'ny sehatry ny baolina kitra ny toerana « Complexe Sportif et de Loisirs Cnaps Vontovorona », izay nanenjehana ny filohan'ny FMF, Arizaka Raoul Rabekoto sy ny Jeneraly Ravelonarivo Jean, ny fanatontosana azy, ka amin'ny 22 hatramin'ny 26 aogositra 2022 ho avy izao no hotanterahina an'izany. « Instructeur Fifa » no hitarika ny fampiofanana, ka mpitsara afovoany sy mpitsara mpanampy mahatratra 35 isa ireo mpandray anjara amin'izany. Ho dinihina ao anatin'izany fampiofanana izany, ny momba ny « lois de jeu », ny fomba fitantanana lalao araky ny fiovana farany amin'ny fampiharana ny lalàna 2022-2023 navoakan'ny FIFA.

**Rainilita**

« Karaté Style Wado-ryu »

# Nahavita ny « Coupe de Madagascar 2022 »

Nahavita ny fifaninanana « Coupe de Madagascar 2022 » tany Mahajanga, tamin'ny 2 ka hatramin'ny 7 aogositra 2022 lasa teo ny karaté « Style Wado-ryu ».



*"Karaté Style Wado-ryu" tany Mahajanga.*

Nisy dingana telo no notanterahina tamin'izany :

1- « Stage Technique/Arbitrage / Instructeur », mpikatroka sokajy « Poussin » ka hatramin'ny « Vétéran » niisa 250 avy amin'ny Faritra Analamanga/Vakinankaratra/Anôsy/Atsinanana/Analanjirofo/ Boeny, ireo nandray anjara tamin'izany.

2- « Passage de grade » nanomboka tamin'ny « CN 1er DAN », ka hatramin'ny « 5 ème DAN ».

3- « Compétition Poussin – Vétéran » nahazoana ny vokatra :

1 er : Akka Avaradrano ( 12 Médailles d'Or ),

2 ème : BDKM Boeny ( 8 Médailles d'Or ),

3 ème mitovy : Akka Mahitsy sy WAKAMA ( 7 Médailles d'Or) avy.

**Rainilita**

## Sakafo Ny Valosoa



Tsinainken'omby saosy indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Rehefa masaka ny tsinainkena dia hasiana saosy tongolo sy tômaty, na tongolo sy voatabia, hasiana sakamalao koa. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Ny soa azo avy amin'ny anamalao na anamafana

Ny soa azo avy amin'ny anamalao na anamafana indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Anti- oxydant , na miaro amin'ny fahanteran'ny sela, anti- inflammatoire na mampiafana ny fanaintainana. Fanafody nify , mampijanona fanaintainana raha marary nify. Manala ireny fery anaty vava ireny. Azo ampiasaina amin'ny hoditra analana fery, vay, mangidihidy amin'ny vatana. Tsara ho an'ny olona tsy mipipy na miangona amin'ny vatany ny rano. Tsara ho an'ny olona maina lava ny vava. Tsara ho an'ny marary vavony. Tsy azon'ire6 to olona ireto hanina kosa anefa izy, olona misy cancer prostate, mararin'ny prostate, olona mamo, vehivavy mitondra vohoka.



Tsara atao ro mazava, atao amin'ny loka : trondro, he6 na, legioma, lasopy…

## NY VALOSOA sy Mahaliana

### Ny tanànan'i Maintsokely any amin'ny distrikan'Andilamena faritra Alaotra Mangoro

Ny tanànan'i Maintsokely any amin'ny distrikan'Andilamena faritra Alaotra Mangoro indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Maintsokely ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 8 mandrafitra ny distrikan'Andilamena. Azo lazaina ho avo toerana izy satria 459 m ny haavony miohatra. Any amin'ny farany avaratry ny faritra Alaotra Mangoro no misy azy, manakaiky ny faritra Sofia sy ny faritra Analanjirofo. Vokatra any Maintsokely ny vary, sy ny haninkotrana isan-karazany toy ny mangahazo, ny katsaka. Mpiompy omby koa ny mponina any antoerana.

